KABARIN'NY FILOHAM-PIRENENA HO VALIN'NY
FIARAHABANA SY FIRARIAN-TSOAN'NY TAONA 1999
NATAON'NY FILOHAN'NY ANDRIM-PANJAKANA
(Iavoloha, ny 15 Janoary 1999)

Andriamatoa Filohan'ny Antenimieram-pirenena,
Andriamatoa Praiminisitra,

Ny voalohan'ny teninay dia ny mamerina tsy misy raraka an-tany aminareo sy ny vahoaka, ary ny Andrim-panjakana soloanareo tena, ny fiarahabana sy firarian-tsoa ombam-pahombiazana mitafotafo, ny teny soa sy mamy natolotrareo anay teo !

Tsy haniry olona fa hirin'olona !
Tsy ho voan'ny an-tànan'olona !
Tsy haratry ny an-tànan-tena !
Fa ho tian'ny tsy tia, ary ny tia moa dia vao maika ho tia rahateo !

Ry vahoaka Malagasy havana,
Tompokovavy sy Tompokolahy !

Ny teny fiarahabana dia toy ny fary lava vany, ka tsy lany hamamiana, hoy ny ohabolana.

Efa nifampiarahaba tamin'ny alalàn'ny Radio sy Televiziona isika tamin'ny faran'ny taona teo. Raha mifanatri-tava anefa isika amin'izao fotoana izao, dia mamerina indray izany fiarahabàna tratry ny taom-baovao izany izahay, satria toy ny « **tsobo-nato** » ka mamerina indroa manana ny antitra sy ny soa. Koa ho anareo rehetra tsy ankanavaka, hitondra fahasoavana mananamby ampy sy fahasalamana tanteraka ho antsika rehetra anie ny taona 1999, satria ny fahasalamana no voalohan-karena, hoy ny Razantsika. Misaotra an-Janahary isika nahadingana iny taona 1998 vao nivalona iny, ary tafita soa ity taona vaovao vao misokatra ity.

Maro tokoa no nikasa, nefa hafa ny fandaharany, koa rariny sy hitsiny isika mbola velona aina raha manolotra ny haja sy dera ambony indrindra ho Azy mpandahatra, mpandrindra, ary mpanapaka ny zavatra rehetra.

Izany no ela, hoy ny mpikabary, fa manararaotra izao fihaonan-dehibe izao isika, mba hitafatafàna sy handinidinihana momba ny fiainam-pirenena ankapobeny.

Raha tsy mahadiso dia haka minitra vitsivitsy izahay hanaovana jeri-todika ny lasa mba hanomanana tsara ny ho avy.

Koa ialàna tsiny, ialàna fondro sy salohy fito mialoha, fa raha miteny ny momba ny lasa izahay, dia tsy finiavana hamoa fota-mandry na fitiavana hanatsikera be fahatany, fa mba hampazava ny raharaha ankitsi-po.

Tsy nifidy ny làlana mora izahay nanavotana ny Firenena na taloha na ankehitriny, satria hoy ny ohabolana « tsy misy mafy tsy laitry ny zoto », ary « tsy misy mahery ohatry ny sakay, fa rehefa teny ierana dia lany sy telina ihany ».

Fa manontany tena **RATSIRAKA** anio : Vonona ny hiatrika ny mafy kanefa be voninahitra ve ny Malagasy ankehitriny ?

Fanontaniana tsy maintsy apetraka izany alohan'ny hirosoana amin'ny tena **fampandrosoana** ny **Firenentsika**.

Ny tian-kambara amin'izany dia ity, ary mbola mamerina ny fialàn-tsiny raha miteny ny momba ny tenako, fa sarotra amiko ny mandroso tetika sy paika ngeza raha tsy mazava amintsika rehetra ny votoatin-dresaka :

Voalohany : Raha nitranga ny fihetsiketsehana sy korontana tamin'ny 1972, dia tsy teto Madagasikara aho fa « Attaché militaire » vao nahavita ny « Ecole supérieure de guerre navale ». tao Parisy

Voantso tampotampoka taty Antananarivo, ary notolorana andraikitra makadiry, dia ny fitantanana ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny.

Nananontanona ny adim-poko sy korontana tany Toamasina sy Antsiranana. Nalefa tany Toamasina aho, dia voalamina ihany ny raharaha ary voatandro ny firaisam-pirenena.

Faharoa : Tonga indray ny savorovoro sy korontana ary ady seza tamin'ny 1975.

Dia tsy vitsy ny mpanao politika nanosika anay hanao fanonganana an'i Jeneraly RAMANANTSOA, tahaka ny nanaovan'ny sasany ny fanonganam-panjakan'ny Président TSIRANANA teo aloha. Misy amin'izy ireny ny efa nodimandry … ary misy ny mbola velona ankehitriny ! ! ! Nolaviko tanteraka izany hevitra maizina izany. Maloto ny politika !

Fahatelo : Nandeha ihany ny fotoana, notoloran'i Jeneraly RAMANANTSOA ny Fitantanana ny Fitondrana aho, fa tsy nanaiky, satria tsy nifanaraka tsara ny hevitra.

Nametra-pialàna ny Jeneraly RAMANANTSOA ary nomeny an'i Kolonely RATSIMANDRAVA ny Fitondrana.

Tsy minisitra intsony izahay. Tsy niaraka tamin'ny Colonel Ratsimandrava satria tsy nitovy ny foto-kevitra nijoroana na dia nangataka fiaraha-miasa aza izy. Koa dia niarahaba azy ny tenanay ary nirary azy aleo hahalasa amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena.

Izahay nampirin'entana hidina haka « congé cumulé » any Toamasina ny ampitson'iny. KANJO ! KANJO !

Tamin'ny fito ora hariva, dia voantso an-taroby indray ny tenanay hiakatra maika any Ampahibe. Nandà aho satria efa vonona ny hidina any Toamasina. Kanefa, baiko io ka tsy maintsy notanterahina.

Tonga teny Ampahibe aho no nahafantatra ilay vaovao nampalahelo ary nahatsiravina fa hoe nodimandry novonoin'ny sasany ny Filoham-panjakana, ny Kolonely RATSIMANDRAVA… Maloto, hoy aho, ny politika !

Nitsangana ary ny « Directoire Collégial Militaire », dia voatendry ho anisan'izany indray ny tenako.

Nananontanona indray ny adim-poko, notandindomin-doza ny Firaisam-pirenena.

Koa satria efa nanokan-tena ny hanompo ny Firenena sy ny Tanindrazana, dia tsy afa-niala andraikitra tamin'izany andro nanjombona izany. Fantatrareo ny tohiny ka tsy hivalamparana etoana.

Vita ny tribonaly miaramila. Nijoro ny zokiolona dia ny Jeneraly ANDRIAMAHAZO izany dianilaza hoe :

« Tsy maintsy misy ny iray amintsika ireto, hoy izy, manana fandavan-tena, ka hiantsoroka ny adidy mavesatra sady sarotra, dia ny fitantanana ny Fitondram-panjakana ! Koa atolotro aminareo, hoy izy, ny « Capitaine de Frégate **RATSIRAKA** », mba ho Filoham-pirenena ».

Nitehaka sy nankasitraka ny daholo kanefa nisy candidat hafa dianatao ny fifidianana, ka vato 16 tao anatin'ny 18 no azoko. Nisaotra an'ireo namana rehetra ny tenako noho izany mari-pitokisana izany na dia tsy nirotsaka ho fidina aza !

Kanefa, dia tsy nanaiky avy hatrany aho, satria sarotra, matomboka sy makadiry loatra ilay andraikitra nomena ahy, ary miendrika vato mafana mihitsy !

Nangataka ny hieritreritra aho, ary nangataka ny hivoaka any ivelany, mba hijery ny halalin'ny rano, satria saika ritra ny vola tahirim-panjakana nandritra ny « loi martiale ».

Satria koa tsy fantatra ny hevitr'ireo Firenena lehibe izay nandefa sambo mpiady mihaodihaody matetika taty amin'ny ranomasimbe Indiana.

Lasa tany Frantsa àry aho, ka ny Praiminisitra Frantsay tamin'izany fotoana izany, dia Andriamatoa CHIRAC, no nandray ahy tamin'ny sasak'alina ! Rehefa avy eo dia nitsidika ny Filoha Boumedienne tany « Alger ».

Rehefa nahazo antoka sy vola fanampiana avy tany dilambato tany aho dia niverina teto Antananarivo. Izay vao nanaiky ny hitondra ny Tany sy ny Fanjakana tamin'ny 15 Jona 1975, ary ny 16 Jona ihany, andro alatsinainy io, dia tafatsangana ny Governemanta voalohany.

Raha mpitady seza na mpanao didy jadona na « dictature » i **RATSIRAKA,** dia :

- Voalohany : tsy nandà fitondrana in-telo ;

- Faharoa : nihanona tamin'ny fifidianana nataon'ny « Directoire » iny, tahaka ny tany amin'ny tany Afrikana an-dalam-pandrosoana rehetra.

Tsy izany anefa no nitranga. Tsy nandry ny eritreritro raha tsy nangataka ny feon'ny vahoaka Malagasy manontolo. Dia izay no nahatonga anay niantso ny tena manam-pahaizana maro momba ny lalàna teto Madagasikara, hanomana Lalàm-panorenana vaovao tsy misy fanavahana, na firehana politika, na firazanana, na finoana.

Izany koa no nanosika anay hanoratra ny programa mifanaraka amin'ny Lalàm-panorenana, dia ny « BOKY MENA » izany.

Ny tiako hosoritana sy tsipihina manokana etoana dia ity : Niainga tamin'ny zava-misy tany ivelany (sehatra iraisam-pirenena) sy teto an-toerana no nanoratana ny programa sy ny Lalàm-panorenana, ary mifanaraka amin'izay noheverinay fa hetahetan'ny Malagasy.

« Capitaine de Frégate » tsy nanana antoko ny tenanay tamin'izany fotoana izany.

Roa sosona ny fanontaniana napetraka tamin'ny Malagasy mivantana tamin'ny alalàn'ny « REFERENDUM » :

- Ekenao ve ny Lalàm-panorenana vaovao enti-mampandroso ny Malagasy ?

- Ekenao ve ny fonja-kevitra voarakitra ao anaty BOKY MENA enti-manatanteraka izany Fampandrosoana ny Firenena izany ?

Ary nazavaiko tamin'ny Radio sy Televiziona, tamin'ny teny frantsay sy tamin'ny teny malagasy, fa raha eken'ny Malagasy izany Tolo-kevitra roa sosona izany, dia vonona ny hitondra ny Tany sy ny Fanjakana ny tenako.

Raha mitsipaka ny Malagasy, dia mazava ho azy fa miverina amin'ny maha-manamboninahitra Malagasy ahy aho.

Vokany : Fantatrareo fa 94 isan-jaton'ny Malagasy no nifidy ny Lalam-panorenana sy ny Boky mena ary ny tenanay.

Fehiny : sady manaraka ny ara-dalàna, manaja ny feom-bahoaka sy ny demokrasia, ary tsy mbola nilahatra teny an-dalàm-be ary mbola tsy nanandrana anongana, tsy nanongana ary tsy hanongam-panjakana i **RATSIRAKA**, fa Masina ny Tanindrazana.

Ry vahoaka Malagasy havana,

Mpandrandrana sy Mpanety tsy azo anafenana loha sola ianareo ary fantatrareo amin'ny ankapobeny ny tantaran'ity Firenena ity.

Raha tonga indray ny korontana tamin'ny 1991, dia milaza ny niaraha-nahita aho raha mampahatsiahy fa nandefitra nanana ny rariny, noho ny tombontsoa sy Firaisan-kinam-pirenena. Nekeko daholo ny fitakian'ny mpanohitra, nefa dia mbola ireny no zava-niseho. Tsy mamoha fota-mandry aho, hoy aho, fa milaza ny marina. Ny lasa tsy mba fanadino.

Nampanantena aho, fa raha resy amin'ny fifidianana, dia miala ary manaja tena fa lehilahy lehibe. Ary nandefa fiarahabana ofisialy ho an'ny Prezida vaovao ny tenako tamin'ny 1993 na dia nino marimarina aza fa tsy dia tamim-pahamarinana loatra no nandresena ahy.

Ny Malagasy mandinika sy mijery amin'ny saina sy maso tsy miangatra ary tsy maty harika fa mahatadidy ny lasa dia mahatsapa fa nanao izay ho afany i **Didier RATSIRAKA** amin'ny fampandrosoana ny Firenena na dia tsy tonga lafatra sy tsy mety daholo aza ny nataony ! Ekena izany.

Raha tsy mahadiso ny mampahatsiahy zavatra vitsivitsy :

- Noezahinay ny namerina ny fiandrianam-pirenena sy ny haja amam-boninahitry ny Malagasy nanomboka tamin'ny 1972 ;

- Ny lapam-panjakan'Ambohitsorohitra, ny tsangambaton'ny mahery fon'ny Firenena ;

- Ny fanorenana sekoly isaky ny ambaratonga, indrindra fa ny Oniversite isaky ny Faritany ;

- Ny fanajariana ny lemak'Antananarivo ;

- Ny fanomezana hasina sy fitaovana ny Foloalindahim-bahoaka ;

- Ny fanafoanana ny tobim-pamaharan'ny miaramila vahiny ;

- Ny fanatanterahana ny politika mitodi-doha amin'ny vazan-tany efatra, tsy baikon'ny atsy na ny aroa ;

- Ny nakàna ho fananam-pirenena ireo orin'asa goavana niankinan'ny aim-pirenena **tamin'izany fotoana izany** sns …

dia vavolombelona mivaingana manamarina an'izany.

Nomena fahafahana (possibilités, chances) hitantana orin'asam-panjakana goavana ny tera-tany Malagasy ; ny orin'asa tsy miankina amin'ny fanjakana moa dia azo isaina amin'ny ratsan-tànana folo tamin'izany fotoana izany.

Vokany : Nisy ny nandeha, toy ny Assurances NY HAVANA, ARO, ny Air Madagascar, ny SOLIMA, SOMACODIS, ny tohadrano goavana toa an'Andekaleka sy Namorona, ny làlana Toamasina-Antananarivo, ny lakan-dranon'i Pangalana, ny OFAFA, ny OMNIS, SECREN, SIRANALA, sns… izay tsy azo lavina fa mba nahitam-bokatsoa sy nanala fahasahiranana ny Firenena ihany na tiana na tsy tiana.

Misy koa anefa ny tsy nandeha, na tsy nahomby, ka tsy ho tanisaina eto mba tsy hanomezana tsiny an-dRAKOTO na i RABE, fa aleo lazaina tahaka ny efa mahazatra fa i RATSIRAKA no tompon'andraikitra tamin'ny tsy fahombiazana. Betsaka izy ireny : ny ZEREN, ny ZEMA, ny SUMATEX, ny FAMAMA, sns, sns…

Ny zavatra tian-ko marihina eto fotsiny dia ity : tsy vitsy ny mpisompatra, na fahavalo, ka namingana ny Firenena tamin'izany.

Ohatra roa no omena antsika mba hampazava ny resaka :

Voalohany : Ny nanorenana ny SIRANALA na « 5ème unité sucrière », dia ny mba tsy anafarantsika siramamy intsony avy any ivelany, toy izany koa ny nanamboarana (réhabilitation) ny SIRAMA : Ambilobe, Namakia, Nosy be, Brickaville.

Inona anefa no nitranga ?

Tsara ho fantatrareo tanora ity. Nandeha tsara ireny ozinina ireny tamin'izany fotoana izany, kanefa dia nilaha-bary sy siramamy ny vahoaka Malagasy izay 10 tapitrisa monja. Tsy mahalana ny **kamiao** mitatitra vary na sira na siramamy avarin'ny sasany any an-kady, na any anaty ranon'Ikopa.

15 tapitrisa any ho any ny Malagasy isika miteny izao, kanefa tsy milaha-bary, sira na siramamy ny vahoaka. Ary mihoatra noho izany satria misy ambim-bava ; Tsy lafo ny siramamin'ny SIRAMA ankehitriny. Asa ny mpitantana angamba no tsy nahomby tamin'izany fotoana izany? Asa ny mpitantana angamba no tsy nahomby amin'izao fotoana izao ?

Faharoa : Tsy milahatra lasantsy ny Malagasy, nefa dia io SOLIMA omaly tsy niova io ihany sy ny « Raffinerie »n'ny Toamasina io ihany no namatsy ary mbola mamatsy antsika ! Mampieritreritra fatratra anie izany ry Malagasy namana ê ! Asa, ny mpitantana sy ny mpitondra angamba no tsy nafoaka, tsy nahay ary anisan'izany **Didier RATSIRAKA**, kanefa mbola izany **Didier RATSIRAKA** izany ihany no mitondra ankehitrio !

Marina fa efa fotsy volo sy volomaso ary manan-jafy izy izao. Kanefa dia mbola **RATSIRAKA Didier** ihany no anarany, ary tsy lefin'ny taona ny fitiavany ny Tanindrazana sy ny Malagasy tarihiny.

Ry vahoaka Malagasy,

Tsy misora-tena toa ny voatango ka iseho manana ny rariny samy irery i **RATSIRAKA,** ary tsy midera vady mahay mandihy fa miangavy antsika rehetra mba hanadihady sy hamakafaka lalina ny tantara sy ny lasa tsy mba fanadino, fa kosa fakàna lesona, satria soa kenda hahay mitsako, soa solafaka hahay mamindra hoy ny fitenin'ny Ntaolo.

Fantaro fotsiny ry tanora, fa tamin'izany andro sy fotoana izany, araka ny voalazan'ilay hira malaza, dia « Marobe ny fahavalo, sy mpanakorontana ». Satria raha ianao no mijoro, dia misy foana ny mpamingana, fa raha matory na milefitra, na mandohalika ianao, iza moa ny olona hamingana anao eo ?

Firy aminareo nianatra sy mianatra amin'ny Oniversite enina eto Madagasikara moa no nandalo tamin'ny akanin-jazan'i **Céline RATSIRAKA**, ary firy aminareo manam-pahaizana sy tompon'andraikitra ambony ankehitriny moa no nahazo fanampiana na vatsim-pianarana na teto an-toerana na tany ivelany tamin'ny andron-d**RATSIRAKA**, izay nandany vola manokana an-davitrisany nanampiana ny mpianatra, zanak'ireo Malagasy tsy manana ny ampy ?

Tsy vavolombelona tamin'izany fihetsika izany koa ve io Lycée SEHATRA Atsimondrano io ?

Tsy mandatsa akory i **RATSIRAKA** na mila dera sy fankasitrahana raha manambara izany, satria :

- Mpivaro-kena ambaniandro tao Toamasina no niantoka ny saran-dàlan-d**RATSIRAKA Didier** nandeha nandranto fianarana tany FRANTSA, tamin'ny sambo « Pierre Loti »…

- Satria koa tsy mitaky dera na fankasitrahana , na valim-babena aminareo i **RATSIRAKA,** fa ny fankasitrahana ilainy aminareo dia ny manompo ny Tanindrazana amin-kitsim-po, amin'ny herinareo rehetra, amim-pahamarinana, ary tsy ampitadiavana tany malemy hanorenam-pangady.

Izay ny ho ela, fa tonga eo amin'ny sakeli-dalana an-kodomirana indray isika izao, ka misy tolo-kevitra tiako haroso aminareo.

Mialoha an'izany anefa, dia tiako ny manazava ny zava-misy marina.

Voalohany : Henonareo ny kabary marina loatra nataon'ny Ambasadaoro zokiolona Italiana teo. Marina loatra hoy aho, satria efa nambarako taminareo tamin'ny 31 Desambra farany teo io teny io.

Mbola be loatra ny malagasy mahantra (la pauvreté et la misère) eto amin'ny Firenentsika. Kanefa, raha tiantsika ny hivoatra haingana dia tsy maintsy mandray andraikitra marina isika Malagasy.

Tiako sy tianareo ny hampandroso haingana an'i Madagasikara, mba samy higoka ny voka-tsoa azo amin'ny fitombon'ny harim-pirenena isika rehetra.

Faharoa : Tsy ampy anefa ny fanampiana avy any ivelany fotsiny, fa isika no tsy maintsy miditra an-tsehatra amim-pahavononana raha tiantsika hihoatra ny 6 na 8% ny harin-karentsika amin'ny faran'ny taona 2000.

Fahatelo : Ohatra vitsivitsy no omeko anareo mba hampazava ny raharaha :

- Raha niverina avy any Samangoky sy Toliara ny tenanay, dia nalahelo mafy ny tenako. I **RATSIRAKA** tsy afaka hanampy ny Malagasy rehetra, mazava loatra, eny fa na ny Fanjakana koa aza dia tsy manana ny ampy ho an'i Madagasikara manontolo satria, na misy aza ny vola, tsy maintsy voasoratra ao anatin'ny teti-bolam-panjakana ny vola vao azo laniana, izany no fifanarahana tamin'ny D.C.P.E. nosoniavina tamin'ny 1996.

Ny volan'ny « Conseil National de Secours » (CNS) sy ny « Comité National de Coordination » (CNC), tahiry momban'ny vonji-taitra voajanahary ireo dia tsy ampy, fa dia miandry fanampiana avy any ivelany lava izao isika isan-taona.

3 Milliards 800 Millions monja ny volan'ny C.N.C, nefa ny fanamboarana vonjimaika an'i Belalanda sy Miary ary ny fanampiana ny asa efa natomboky ny SNTP amin'ny Fiherenana, dia efa mahatratra 7Milliards.

Raha nanao ny SOS-Sud ny malagasy tamin'ny 1992, dia 1 Milliards 900 Millions hono no vola voangona teto Madagasikara. Kanefa, ny vahiny nahazoana vary, menaka, fanafody, ronono, sns… 8 Milliards.

Ka hoy aho hoe :

Dia hangata-dava sy hiankin-doha mandrakizay amin'ny any ivelany ve isika ?

Atao ho handrorosy ve ny Malagasy rehetra, sa mba tokony hitràka, hiavo-tena amin'izay, ka ny fanampiana avy any dilambato dia mba ho fanampiny fotsiny, fa ny tena ezaka dia ny Malagasy no manao azy?

Fahefatra : Nofoanana ny « taxe à l'exportation » rehetra tamin'ny 1992 (haba alaina amin'ny entana ahondrana any ivelany) afa tsy ny lavanila izay nofoanana tamin'ny D.C.P.E. 1996

Tsy mahagaga àry raha tsy ampy ny vola miditra amin'ny fanjakana, ankoatry ny « exonération » sy tsolotra samihafa mba tsy andoavan-ketra. Marihina fa efa nanangana andiana manamboninahitra Zandary, Polisy, Miaramila, « Douanier » sy mpahay lalàna manokana izahay hiadiana amin'io fositra io ary efa nahitam-bokatra betsaka sahady.

Fahadimy : Tsy ampy ny vola hoentin'ny mpiasa misotro ronono.

Ny mampalahelo aza dia ity, miala tsiny fa manonona anarana aho :

Misy Filohan'Antenimieram-pirenena teo aloha tsy manana « pension » na « retraite » akory. Anisan'izany Itompokolahy ANDRIANARAHINJAKA izay filohan'ny Assemblée Nationale nandritry ny 14 taona. Anisan'izany Andriamatoa Richard ANDRIAMANJATO izay solombavambahoaka sy filohan'ny Antenimiera ampolo taonany maro dia tsy manana « pension » akory. Ataoko fa misy zavatra tokony ahitsy ny momba izany.

Fahenina : Fa ity no tena zavatra : raha nitovitovy ny isan'ny mponina teto Madagasikara sy ny omby, 11 taona lasa izay, ankehitriny dia mampihorin-koditra, fa nafenina angamba ny aretina nahazo ny ombintsika (tuberculose, sns…) nanomboka tamin'ny 1992 – 1993, ka dia tsy nitsaha-nidina ny isan'ny omby velona teto Madagasikara ; izay angamba no mahatonga ny sasany manao angoa-tenda sy mitabataba isan'andro fa lehiben'ny dahalo hono i **RATSIRAKA,** kanefa dia tsy manana omby na iray aza aho. Tamin'ny 1997, ary araka ny tarehimarika na « statistique » eo ampelatànan'ny Ministeran'ny fiompiana : raha 10 na 12 tapitrisa ny isan'ny omby teto Madagasikara dia latsaky ny 7 tapitrisa sisa izany amin'izao fotoana izao.

Tsy maintsy maka fepetra haingana dia haingana isika (tsy famonoana zanak'omby sy omby vavy, fitsaboana sy fanaovana vakisiny ny omby rehetra, fanaovana « insémination artificielle », sns …), fa raha tsy izany sanatrian'ny vava iladian'ny lela, dia ho voatery hanafatra hen'omby i Madagasikara afaka 5 taona.

Fahafito : Nanorina tanàna vaovao atao hoe « IDEES XXI » ny tenanay, avy amin'ny volako manokana, fa tsy misy volam-panjakana na ariary aza tafiditra ao !

- Trano 11, misy efitra efatra, 54m2 – vidiny : latsaky ny 30 tapitrisa iraimbilanja ;

- Trano 24, misy efitra telo, 35m2 – vidiny : latsaky ny 20 tapitrisa iraimbilanja.

Misy rano azo tamin'ny fandavahana (forage) 12 metatra ambanin'ny tany. Misy jiro sy rano ary efitra fidiovana daholo izany.

Ny rano ampy tsara hanaovana fandrahoana, fisasàna sy fanasan-damba, ho an'ny biby fiompy ary azo hanaovana fambolena samihafa. Izany rano izany, dia ampy ho an'ny fianakaviana 450.

Mora dia mora izany trano izany, raha heverina sy dinihina, raha oharina amin'ny zava-misy ankehitriny ary namboarinay koa ny sekoly sy ny hôpitaly simba ao amin'io tanàna io. Saingy izao no indro kely hoy ny mpandrafitra :

1°) Tsy maintsy miverina haingana ny volako mba hahafahako manohy izany tetik'asa « IDEES XXI » izany . I : Intégration – D : Développement – E : Environnement – E : Education – S : Santé ary XXI : taonjato faha-21.

Satria na dia misy aza ny 20 hekitara azo volena sy azo iompiana, dia mety maharitra ihany ny fandoavan'ny mpividy an'ireo trano ireo.

2°) Misy fepetra momba ny fiaraha-monina ho takiako tsy maintsy arahin'ny mpividy trano (efa nekendry zareo io). Anisan'izany ny didy enina farany amin'ny didy folon'Andriamanitra ao anaty Baiboly, izay ampiako ny fanajàna ny lalàna, ny natiora sy ny tany (tsy fanimbàna ny ala, izany hoe fitandrovana ny tontolo iainana), tsy fifohana zava-mahadomelina, tsy fanimbàna ny zaza tsy ampy taona (pédophilie), sns …

3°) Mba hanafainganana ny fividianana ny trano dia tokony afaka misambo-bola amin'ny Banky ny tsirairay avy.

Sarotra be sady nofinofin-dRatsiraka izany, hoy angamba ireo mpanatsatso.

Dia izao no avaliko avy hatrany : TSIA, azo atao dia azo atao tsara izany raha manana ny fahavononana sy finiavana ary fifanomezan-tànana (solidarité) amin-kitsim-po isika Malagasy.

Ity àry ny tolo-kevitra goavana raha manaraka ahy ianareo, ry mpiray Tanindrazana Malala. Marihiko fa hevitr'i **Didier RATSIRAKA** samirery io, fa tsy avy amin'ny Filohan'ny Repoblika, na ny Fitondram-panjakana, ka tsy misy azo teriterena anaraka azy fa malalaka ny safidin'ny tsirairay.

Haka hery amin'ilay hira malaza : « MADAGASIKARA TANINDRAZANAY » aloha :

MADAGASIKARA TANINDRAZANAY
TANY SAROBIDY MASINA TOKOA
LOVASOA NOMEN'NY RAZANAY TALOHA
MATY HO ANAO NO TENA LAZANAY

ISIKA REHETRA IZAO AKANGA MIARA-DIA
TSY AZO TABAINA NA RAVANA KOA
KA HITOMBAN-DAHY HIASA RE SATRIA
IO NO LOHARANO FOTOTRY NY SOA

MALAGASY EO 'NDEHA HIFANKATIA
HO MPIRAHALAHY TOY NY IRAY TAM-PO
NY HIFANKAHALA ATAOVY SANATRIA
FA TENA IRAY TOKOA NY SAINA SY NY FO

Ref. : ***MITSANGANA RY TANORA***
MITSANGANA AZA MANANA AHIAHY
IZAO NO ANDRO SADY ORA
MIJOROA SAHIA TOKOA HO LEHILAHY

* * * * * * * * * * * *

Ireto avy ary ny tolo-kevitra hampandrosoana haingana ny Tanindrazana, hiadiana amin'ny fahantrana ary hanamafisana tsy misy tomika ny Firaisankinam-pirenena.

Voalohany : Raha sitrakareo mpiasam-panjakana sy tsy miankina amin'ny fanjakana, azo atao avy hatrany, raha 10 % ny fisondrotry ny karama isan-taona, ny mametraka 3 % ohatra ao anaty kitapo telon'ny Firaisan-kina. Vokatra mety ho azo : 60 ka hatramin'ny 90 Milliards na lavitrisa iraimbilanja isan-taona.

Ny ampahatelony voalohany dia apetraka ho « compte bloqué » any amin'ny Banky mba ho an'ny « retraite ».

Ny ampahatelony faharoa, atao fitsinjovana ny vody andro ho merika ho fampandrosoana sy fanomezana asa ny tsy an'asa.

Ny ampahatelony farany, atao antoka amin'ny banky hividianana trano na hanaovana orin'asa madinika.

Fa aiza izay banky hoy ianao ?

Valiny : 60 ka hatramin'ny 90 lavitrisa iraimbilanja, dia ahafahana manorina Banky vaovao « privée » tantanan'ny Malagasy, ho reharehan'ny malagasy, hampiray hina ny malagasy, satria samy tompony ary tena Bankim-bahoaka afaka manao fampisamboram-bola madinika na « micro-crédit », na koa fampisamboram-bola hividianana trano na « crédit hypothécaire immobilier » amin'ny teny frantsay. Bankim-Pirenena ho an'ny Firaisankina (BPF) no atao anarany.

Ataoko fa tsy dia sarotra loatra izany. 60 na 70 Milliards anie no nividianan'ny sasany ny BFV. Dia isika ve dia ho ambakan'izany, tsy ahavita banky iray tantanan'ny malagasy ?

Fomba fanao mahazatra any amin'ny tany miteny Anglisy rehetra io fa tsy mahazatra loatra any amin'ny tany miteny frantsay.

Faharoa : Mba tsy ho ripaka ny taranak'ombintsika, dia azo atao avy hatrany ny mampiray DINA antsitrapo ny tompon'omby 7 tapitrisa. Samy mandoa 3 % na 4 isanjaton'ny vidin'omby iray, arotsaka ao anaty kitapo telon'ny Firaisan-kina.

Vokatra mety ho azo isan-taona : 120 lavitrisa.

Ny ampahatelony voalohany : 40 lavitrisa, ho fitsaboana maimaim-poana, fanaovana vakisiny sy fanafodin'ny ombinareo maimaimpoana;

Ny ampahatelony faharoa : 40 lavitrisa, hanatsarana ny fiompiana omby eto Madagasikara ;

Ny ampahatelony farany : 40 lavitrisa, kitapon'ny fampandrosoana, fividianana trano na apetraka amin'ny Banky atao « compte bloqué ».

Ho mora ny fiarovana ny omby tsy ho azon'ny dahalo, satria fantatry ny « vétérinaire » daholo ny omby hananan'ny tsirairay ary ananany ny statistique. Mora ho an'ny zandary sy ny miaramila ny manavaka ny manana omby sy ny mpangalatra omby.

Fahatelo : Nofoanana tanteraka ny haba na « taxe d'exportation » rehetra nanomboka tamin'ny 1992 ka hatramin'ny D.C.P.E. tamin'ny 1996.

Kanefa sady tsy mitombo ny vokatra « quantité », no miharatsy ny vokatra (qualité), no mihena ny vidiny eo amin'ny tsena iraisam-pirenena, indrindra fa ny lavanila.

Maty antoka ny tantsaha mpamokatra, ny mpanondrana vokatra ary ny kitapom-bolam-panjakana.

Inona àry no azo atao ?

Raha mifanaraka antsitrapo ny mpamboly sy ny mpanondrana vokatra any ivelany, ka raha 30 ka hatramin'ny 70 % ny haba nalain'ny fanjakana tamin'ny « exportation », dia azo atao tsara ny mandrotsaka ny 10 isanjatony monja amin'ny « recettes d'exportation » (na ny vola miditra amin'ny fanondranana entana sy vokatra), arotsaka antsitrapo ao anatin'ny kitapon'ny Firaisam-pirenena. Vola mety ho azo : 300 lavitrisa iraimbilanja isan-taona.

Ny ampahatelony voalohany : 100 lavitrisa, apetraka any amin'ny Banky (BPF) mba hiteraka.

Ny ampahatelony faharoa : 100 lavitrisa, hanatsarana ny vokatra, ny masom-boly, ny làlana, ny fampitomboana ny vokatra, ny fanapahana « gourmand » ny kafe, fampianarana ny « préparateur vanille » satria efa antitra izao ilay efa nahay teo aloha, sns, sns…

Ny ampahatelony farany : 100 lavitrisa, apetraka amin'ny tahiry miantoka mba tsy hiaka-midina be loatra miaraka amin'ny tsena iraisam-pirenena ny vola azon'ny mpamokatra sy ny mpandraharaha na « caisse privée de stabilisations des recettes d'exportations », izay mampiferinaina ny tantsaha mazàna. Izany hoe : raha miakatra na midina ny vidim-bokatra eny amin'ny sehatra iraisam-pirenena, ny vola azon'ny tantsaha dia tsy hidina ary heverina fa hitombo satria misy io tahiry io izay atao « compte bloqué ».

Marihina fa ireo zava-baventy telo voalaza rehetra ireo dia tantanan'ny « privé », ny tantsaha, ny mpiompy sy ny mpandraharaha mikambana miaraka amin'ny Bankim-pirenena ho an'ny Firaisan-kina na koa « crédit mutuel », fa tsy misy hidiran'ny Fanjakana na dia kely aza.

Asa raha tianareo hiditra ao anatin'ny « Conseil de surveillance » i Ratsiraka, mba tsy hifandiranareo, raha ohatra ka sitrakareo izany.

Ny Fanjakana kosa dia manohy ny asa mahazatra azy, mifanaraka amin'ny mpamatsy vola iraisam-pirenena.

Ohatra : mitohy tsy an-kiato ny ezaka fampandrosoana amin'ny lafiny rehetra : fampianarana, fitsaboana, làlana, tetezana, eny fa ny fanampiana amin'ny fanatsarana ny famokarana aza toy ny vary ohatra.

Raha 29000 hektara nandaniana 20 lavitrisa iraimbilanja ny fanarenana ny tambazotra na « programme de réhabilitation des petits perimètres irrigués » (PPI) taon-dasa iny, dia 45000 hektara kosa manerana ny faritany enina no tsy maintsy vita amin'ity taona ity, ka handaniana vola mitentina 77 lavitrisa iraimbilanja eo ho eo. Ka vokatra : 150 000 taonina (dimy alina sy iray hetsy taonina) akotry raha kely indrindra no antenaina ho azo amin'izany.

Izahay koa dia hiezaka hampitombo ny fanafody vokatra eto an-toerana, mba ho amlin'ny vidiny mirary no ahazoan'ny Malagsy tsirairay mitsabo tena. Fa mbola ho hitantsika amin'ny manaraka ny tetika momba izany.

Ny tafika an-habakabaka Malagasy, dia hahazo fiaramanidina ANTONOV 26 ho tonga tsy ho ela, amin'ny herinandro ambony io angamba, fa mahamenatra izany tafika an-habakabaka tsy manana fiaramanidina izany.

Miendrika « Trois fonds des non-alignés » ilay izy. Hoy aho hoe, ianao hikabary any amin'ny sehatra iraisam-pirenena, any amin'ny Firenena tsy baikon'ny atsy na ny aroa, nefa ny ao amin'ny Tanindrazanao aza tsy misy fampiharana ilay izy. Koa raha vonona isika, Tompokolahy sy Tompokovavy, dia hiroso. Raha tsy vonona kosa moa, akory atao ?

Ry vahoaka malagasy havana,

Izany sy izany àry no tolo-kevitra avy aty amiko manokana, ka roso ny dia raha te-hiaraka amiko ianareo. Fa izaho dia efa nanomboka ny « IDEES-XXI », ka tsy maintsy manohy.

Raha tiantsika ny handroso sy hivoatra haingana, ka hamerina indray ny hasin'ny Firenena, ny fiandrianam-pirenena, dia ndeha isika hiaraka, fa izaho, **RATSIRAKA Didier**, dia vonona handray anjara amin'ny latsakemboka hatramin'ny 150 Millions isan-taona raha sitrakareo.

Fa raha tsy sitrakareo izany, dia azo atao ny manohy moramora ny dia, tahaky ny ankehitriny, ary mihanona amin'ny vonjy taitra sy miankin-doha foana amin'ny any ivelany.

Malalaka ny safidy, ry Vahoaka Malagasy.

Tsy misy mangidy ohatry ny sakay fa rehefa teny ierana dia lany sy telina ihany. Koa anjarantsika malagasy rehetra, na ny mpanohitra na ny mpiara-dia, ny mikaon-doha manao soroka miara-milanja sy saina miara-mandinika, ny handavorariana izany tetika izany, raha tiantsika handroso haingana ity Madagasikara malalantsika ity.

Ho ela velona anie i Madagasikara mivoatra, mandroso ary mitraka.